# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Septambra 2018

# 28 Zoma septambra

**Fa nataotaony foana ny fanasitranany ny faharatran'ny oloko zanakavavy tamin'ny nanaovany hoe : Fiadanana, fiadanana ; kanjo tsy misy fiadanana tsinona !** Jeremia 6. 14

**Jehovah ... mahasitrana ny torotoro fo ... sy mamehy ny feriny.** Salamo 147. 2, 3

## Fitsaboana vonjimaika

Hariva ny andro, naratra mafy tamina fitaovana aho. Maika aho ; tokony ho ampy hiarovana ny fery ilay fonosana vonjimaika nataoko... Tsy ela anefa ilay fery dia niteraka otrikaretina nihanaka tao anatin'ilay fonosana.

Toy izany koa, matetika, eo amin'ny lafiny ara-panahy. Ny fery dia mampahatsiaro ny ota, izay mahatratra antsika rehetra. Azo atao ny mitsabo izany tsotsotra ka miezaka ny hifehy tena sy hisafidy lalana tsaratsara kokoa. Azo atao koa ny matoky karazam-pivavahana iray, mampanantena fiadanam-po miorina amin'ireo fanekem-pinoana ataon' olona heverina ho mpitarika ara-pivavahana. Na koa miezaka manadino ny olana, toy ny fonosana manafina ny ratra ao anatiny.

Nefa hoy ny mpaminany Jeremia mamintina izany : „Tsy misy fiadanana". Ratsy kokoa aza ilay fanafody noho ny aretina, satria mampihanaka ny otrikaretina. Angamba aho handresy lahatra ny tenako, hoe hilamina ihany ny zava-drehetra any am-parany : „Izaho anie tsy dia ratsy noho ny hafa e ; hamonjy ahy ihany, amin'ny farany, Ilay Andriamanitra tsara fanahy". Izany fihetsika izany dia mifanohitra amin'ny lazain'ny Tenin'Andriamanitra hoe : „Izay tsy mino ny Zanaka *(tsy mankatò ny Zanaka)* dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy" (Jaona 3. 36). Ny hany fomba mahasitrana sy mahavoavonjy dia ny mitoky amin'i Jesosy Kristy, Ilay dokoteran'ny fanahy. „Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy *(Andriamanitra)* ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra" (1 Jaona 1. 9). „Jehovah ... mamela ny helokao rehetra, manasitrana ny aretinao rehetra" (Salamo 103. 2, 3).